VOTOATIN'NY VAVAKA

« *Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana* » (Asa 2.42)

Fampitandremana: vavaka endrik'ivelany hahitana hoe mpivavaka:

"*Ary raha mivavaka ianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; Fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy ianareo; fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza ianareo*." (Matio 6.7-8)

"*Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filanareo*." (Jakoba 4.3)

"*Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina. Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina*." (Romana 8.26-27)

Nofidina manokana ireo andalan-tsoratra masina ireo ao anatin'izao fampianarana izao noho ireto antony vitsivitsy ireto:

- Mba hahafantaran'ny fiangonana an'ireo vavaka fanao mandritra ny fanompoam-pivavahana isan-kalahady na amin'ny fotoana samihafa ilàna izany.
- Noho ny hetahetan'ny maro izay te handroso tokoa amin'ny fivavahana kanefa misalasala izy ireo ny amin'izay tokony holazaina ao anatin'ny vavaka.

Enga anie ka hanampy anao tokoa eo amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra sy ny fanompoanao Azy ao amin'ny Fiangonana izao torolàlana tsotra momba ny vavaka izao!

VAVAKA FIHAONANA (evocation et invocation)

Fiantsoan'Andriamanitra ny vahoakany hanompo Azy ny fanompoam-pivavahana (convocation). Koa tsy antsoina intsony Izy (invocation) satria efa manatrika eo (Matio 18.20). Fomba fanaon'ny mpanompo sampy mantsy ny miantso ny andriamaniny ka misy fombafomba ataony momba izany (transe, sns. 1 Mpanjaka 18.28). Misy hevitra anankiroa farafahakeliny azo tarafina ao amin'ny baiboly araka izany momba ny vavaka fihaonana

Ohatra: **Salamo 103.1-2** (*vakio ny teny*)

1 Misaora an'i Tompo, ry fanahiko; Ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina.
2 Misaora an'i Tompo, ry fanahiko; Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra,

1. Misaotra an'Andriamanitra isika noho:
    - Ny Anarany (maha-Izy-Azy an'Andriamanitra, "adoration", Isaia 6.3)
    - Ny asa vitany tamintsika (na ny hita na ny tsy hita, "louange")
2. Mangataka:
    - Ny fitarihany mandritra ny fanompoana Azy
    - Ny fanamasinany antsika amin'ny asa fanompoana izay iantsoiny antsika (tononina eto ny anton'ny fotoana). (fahatsiarovantsika hoe voatokana manoloana ny rehetra isika: "firenena masina", 1Petera 2.9)

VAVAKA FIFONANA

Ohatra: **Salamo 51** sy **Isaia 63.7** (*vakio ny teny*)

1 Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ô, araka ny fahasoavanao; araka ny haben'ny fiantranao vonoy ny fahadisoako.
2 Sasao madio aho mba ho afa-keloka, ary diovy aho mba ho afa-pahotana.
3 Fa tsaroako ny fahadisoako, ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako.
4 Taminao dia taminao ihany no nanotako, ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko, mba ho marina Hianao, raha miteny, ary tsy hanan-tsiny Hianao, raha mitsara.
5 Indro, tamin'ny heloka no niterahana ahy, ary tamin'ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko.
6 Indro, fahamarinana ao am-po no sitrakao; ary fahendrena ao amin'ny miafina no ampahafantarinao ahy.
7 Diovy hysopa aho ho afa-pahotana, dia hadio; sasao aho, dia ho fotsy mangatsakatsaka.
8 Ampandreneso fifaliana sy faharavoravoana aho, hifalian'ny taolana izay voavakivakinao.
9 Afeno ny tavanao ny fahotako ary vonoy ny heloko rehetra.
10 Amorony fo madio aho, Andriamanitra ô; ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko.
11 Aza manary ahy hiala eo anatrehanao; ary aza manaisotra ny Fanahinao Masina amiko.
12 Ampodio amiko ny fifaliana amin'ny famonjenao; ary tohàny fanahy mazoto aho.
13 Dia hampianatra ny olon-diso ny lalanao aho; ary ny mpanota hampiverenina aminao.

Vonona ny hibebaka amin'Andriamanitra isika satria:

- Mialoha làlana antsika ny fahasoavany sy ny famindrampony (jereo ihany koa, lioka 15.20)

Ny famindram-pon'i Tompo no hambarako, dia ny fiderana an'i Tompo araka izay rehetra nataony tamintsika sy ny haben'ny fahasoavana tamin'ny taranak'Isiraely. Izay nomeny azy araka ny fiantrany sy araka ny haben'ny famindram-pony

Lioka 15

17 Ary raha nody ny sainy, dia hoy izy: Indrisy maro ny olona karamain'ny raiko manan-kanina be dia be, fa izaho kosa maty mosary eto!
18 Hiainga aho, dia hody any amin'ny raiko ka hanao aminy hoe: Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho
20 Dia niainga izy ka nankany amin-drainy. Fa raha mbola lavitra izy, dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka

- Asan'Andriamanitra samirery ny fanadiovana antsika amin'ny ota (v. hysopa)
- Te hiova fo isika ary maniry hanana fiainam-baovao indray amin'ny androm-piainantsika rehetra (ampitahao, Jaona 8.11)

Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho aminao izahay ; mamelà ny helokay ; diovy izahay ho afa-pahotana ; sasao izahay mba ho afa-keloka ; ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo anao. Noho ny Fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no asahianay mangataka izany aminao. Amen !

Aie pitié de nous Père, selon ta grande miséricorde, efface nos torts. Lave-nous sans cesse de notre faute et purifie-nous de notre péché ; et renouvelle en nous un esprit disposé à te servir. Nous te le demandons à cause de l'amour de ton Fils Jésus-Christ notre Seigneur. Amen.

VAVAKA FANGATAHAM-PAHAZAVANA

Ohatra: **Efesiana 1.18** sy **Kolosiana 4.3** (*vakio ny teny*)

17 mba homen'Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara,
18 ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina,

- Fangatahana ny Fanahy Masina hitari-dàlana sy hanokatra ny masom-panahintsika
- Vavaka ho fampaherezana ny mpamaky Teny sy ny Mpitory izany ary ny fon'ny mpihaino (disponibilité, disposition).

3 ary mangataha koa ho anay, mba hamohan'Andriamanitra varavarana ho an'ny teny hilazanay ny zava-niafina izay an'i Kristy, sady izany no namatorana ahy,
4 mba haharihariko tsara izany tahaka izay tokony hitenenako

VAVAKA FANOLORANA NY RAKITRA

Ohatra: **Salamo 24** sy **1 Tantara 29.11-18** (*vakio ny teny*)

11 Anao, Jehovah ô, ny fahalehibiazana sy ny hery sy ny voninahitra sy ny famirapiratana ary ny fiandrianana, dia izay rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; Anao ny fanjakana, Jehovah ô, ary Anao ny fisandratana ho Lohany ambonin'izy rehetra.
12 Avy aminao ny harena sy ny voninahitra, ary Hianao no manjaka amin'izao rehetra izao; eo an-tananao ny hery sy ny tanjaka, ka eo an-tananao koa ny mampahalehibe sy ny mampahatanjaka izao rehetra izao.
13 Koa ankehitriny misaotra Anao izahay, ry Andriamanitray ô, sy midera ny anaranao be voninahitra.
14 Fa zinona moa aho, ary zinona moa ny oloko, no ahazoanay hery hanatitra toy izao? Fa avy aminao ny zavatra rehetra, ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao.
15 Fa vahiny sy mpivahiny eo anatrehanao izahay tahaka ny razanay rehetra; tahaka ny aloka ny andronay etỳ an-tany, ka tsy misy fanantenana.
16 Ry Jehovah Andriamanitray ô, ireto zavatra rehetra novorinay hanaovana ny trano ho an'ny anaranao masina ireto dia avy tamin'ny tananao, ary Anao rahateo izy rehetra.
17 Ary fantatro, ry Andriamanitro ô, fa Hianao no mamantatra ny fo ary mankasitraka izay mahitsy. Ary ny amiko, dia amin'ny hitsim-poko no nahazotoako nanatitra ireto zavatra rehetra ireto; ary ankehitriny efa hitako tamin'ny fifaliana ny olonao, izay vory eto, mazoto mitondra fanatitra ho Anao.
18 Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, dia Abrahama sy Isaka ary Isiraely, mba ampahareto ao am-pon'ny olonao mandrakizay izany fikasan'ny sainy izany, ka ampiomany ho Anao ny fony;

- An'Andriamanitra ny zavatra rehetra fa isika kosa dia nomeny fahefana hitantana izany.
- Misaotra Azy ny amin'ny fanekeny antsika ho mpiara-miasa Aminy ka ahazoantsika manolotena sy manome ny fananantsika ho an'ny asan'ny fiangonany.
- Mangataka fahendrena avy Aminy isika mba handehanan'ny harena voaangona ho amin'ny asa anirahan'i Tompo ny fiangonany. (synode teo)

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

Ohatra: **1 Timoty 2.1-6** (*vakio ny teny*)

1 Koa mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an'ny olona rehetra,
2 ho an'ny mpanjaka mbamin'izay rehetra manana fahefana, mba hiainantsika miadana sy mandry fahizay amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra.
3 Izany no tsara ka ankasitrahana eo imason'Andriamanitra, Mpamonjy antsika,

4 Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina.
5 Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona,
6 sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra, dia zavatra ho fitory amin'izao androny izao.

- Misaotra an'Andriamanitra isika satria Izy no anton'ny zavatra rehetra. Ary inoantsika fa Izy no mitondra sy mitantana izany noho ny Heriny sy ny Fahefany lehibe.
- Mivavaka ho an'ny Mpitondra fanjakana isan'ambaratonga isika (fiangonana, firenena,…) mba hanomezan'Andriamanitra azy ireny ny fanahiny sy ny fahendrena entiny mampiasa ny fahefana nomena azy ireny.
- Mivavaka ho an'ny firaisan'ny kristiana sy ny Fiangonana
- Mivavaka ho an'ny asan'ny fiangonana
- Mivavaka ho an'ny olona rehetra tsy ankanavaka

Sary hahazoantsika mitadidy izay tokony hotsarovana amin'izao vavaka izao ny rantsantanana dimy.
Ankihibe : Andriamanitra
Fanondro : Mpitondra
Fanondroadala : fahavalo
Manarapoana : izay akaiky
Ankihikely : madinika

<u>Fanazavana momba ny famaranana ny vavaka amin'ny hoe "amen"</u>:

"Andriamanitry ny amen" ny Tompo ivavahantsika satria tsy mivadika amin'ny fanekena efa nataony Izy (Isaia 65.16 / Salamo 117 / Apokalipsy 3.14). Koa ny fanononana vavaka amin'ny Anarany dia fahazoana antoka avy hatrany ny valim-bavaka (Marka 11.24 / Matio 21.22). Tsy famaranana ny vavaka, araka izany, no dikan'ny "amen" amin'ny teny farany ataontsika fa mariky ny finoantsika an'Andriamanitra kosa. Satria matoky Azy isika, dia hamafisintsika amin'ny vavaka ny fitoerantsika ho mahatoky amin'ny fankatoavana ny sitrapony. Tsy hanana toetra mahatoky anefa isika raha tsy miray Aminy hatrany ka mahazo toerana ao am-pontsika sy ivelomantsika isanandro ny Teniny (Jaona 15.7). Amen.